MOFON'AINA

"Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." (Mat. 4,4)

Daty

22/03 Isa. 31, 4-6; Lio. 15, 11-24; 2 Tim. 2, 22-26
23/03 Asa. 3, 12-21
24/03 Deo. 30, 1-10
25/03 Lio. 15, 11-24
26/03 Jer. 3, 22-25
27/03 2 Tim. 2, 22-26
28/03 Oha. 1, 20-23
29/03 2 Tan. 30, 1-9; Mar. 1, 14-15; Asa. 15, 13-21
30/03 Asa. 15, 13-21
31/03 2 Tan. 30, 1-9
01/04 Oha. 14, 24-27
02/04 Deo. 11, 2-7
03/04 1 Kor. 15, 50-58
04/04 Fil. 4, 8-9

SAMPANA SEKOLY ALAHADY
«CLASSE VERTE – ANDASIBE »
16 sy 17 Mey 2020

- **Fisoratana anarana: hatramin'ny Alahady 26 Aprily 2020**
- **2 000 Ar ny fandraisan'anjaran'ny mpampianatra sy mpianatra.**
- **Holazaina amin'ny manaraka kosa ny fandraisan'anjaran'ny ray amandreny.**

HAFATRA AVY AMIN'NY AFIFAB-FJKM

Ho an'ny Mpitandrina sy ny FJKM rehetra

Ho amininareo mandrakariva anie ny fiadanan'ny Tompo.

Misaotra ny Tompo isika ry Havana noho ny tolo-tsainy amin'ny fandavorariana ny asan'ireo sampan-draharaha rehetra eto anivon'ny Asa FIfandraisana sy FAmpahalalam-Baovao (AFIFAB-FJKM). Migadona indray ity ankehitriny ny andron'ny Fifandraisana FJKM; fotoana natokan'ny Fiangonana hitondrana am-bavaka sy hanohanana ny Asan'ny Fifandraisana eto anivon'ny FJKM, izay irariana mba hanehoantsika fiombonana sy firaisankina amin'ny alalan'ny Fitondrana am-bavaka sy fanohanana amin'ny endrika hita maso.

Mino izahay fa efa mandre ny Radio Fahazavana isika eto Antananarivo, Ambatolampy, Toamasina, Mahajanga ary amin'ny alalan'ny Site Web manerantany.

Efa mandeha koa ny televiziona online; ny FTV ary efa maro no misitraka izany; ny angatahana amintsika dia ny fitondrana am-bavaka ny ahazoana manokatra ny televiziona an'ny FJKM mba hahazo alalana avy amin'ny Fitondram-panjakana.

Efa mijoro koa ankehitriny ny fikambanan'ny Sakaizan'ny Radio Fahazavana Manerantany izay mametraka tanjona hanolo-tanana sy hanampy amin'ny fampandehanana ny Radio Fahazavana, entanina araka izany hiditra ho mpikambana isika eto an-toerana indrindra ny avy ivelany satria ny firotsahantsika amin'izany no hampaharitra sy hampandeha ny Radio Fahazavana, manasa anao hitsidika ny: www.radio-fahazavana.org hihaino ny fandaharana mivantana sady koa hanaiky hiditra ho mpikambana ao amin'ny Radio Fahazavana Manerantany.

Isaorantsika an'Andriamanitra fa mahatratra ny faha-30 taona niorenany ny gazetintsika "**Marturia Vavolombelona**"; ankasitrahana isika rehetra izay manohana sy mividy izany gazetin'ny Fiangonana izany.

Hisy ny hetsika hatao izay ampahafantarina antsika rehetra fa amin'ny Alarobia faha-8 Aprily 2020, amin'ny 9 ora maraina: Fanompoam-pivavahana fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra noho izany fotoan-dehibe izany ho hatao ao amin'ny FJKM Ankadifotsy izay hanasana antsika rehetra ho tonga maro.

Farany dia manentana antsika ihany koa hanangana ny rafitra AFIFAB isam-pitandremana sy ny isaky ny Synodamparitany ka hampita ireo vaovao samihafa aty amin'ny Foibe AFIFAB sy hiandraikitra ny serasera ao anatin'ny Fitandremana na ny Synodamparitany misy antsika.

Mahatoky izahay fa hanao ho zava-dehibe ny fanohanana ny asan'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny AFIFAB isika araka ny tenin'ny Tompo manao hoe: "Raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra." I Kor. 14: 12b

Manonona ny fiadanan'ny Tompo ho aminareo rehetra.

Ny Filohan'ny Komity AFIFAB FJKM:
RAFANORENANTSOA Valisoa, Mpitandrina
Ny Talen'ny AFIFAB: RAZAFIMALALA Tantely Hariliva

Nanonta: simcom@freedsl.mg
Isan'ny natonta: 500

Fandraharahana : ☎ 22 222 75 - 033 11 738 12 – 034 59 168 73
Mpitandrina : ☎22 240 50 // 032 07 611 15 // 033 02 240 50
www.fjkmtranovatoambatonakanga.mg-fjkmambatonakanga@yahoo.fr

Lah° 988

FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA
TRANOVATO AMBATONAKANGA

TAKELA-PIFANDRAISANA
avoakan'ny Vaomieran'ny Fifandraisana sy Asa sosialy
"AZA MENATRA NY HO VAVOLOMBELON'NY TOMPONTSIKA" 2 Tim. 1, 8

Alahady, faha-22 Martsa 2020

"MIVERENA AMIN'NY TOMPO ANDRIAMANITRAO"

FJKM TRANOVATO AMBATONAKANGA
NY KOMITY 3 TONTA : Fampitaovana, faha-25 taona, Fanorenana

Asaina ianao hiombona amin'ny

SAKAFOM-PANKALAZANA

Izay hatao ny
Alahady 22 martsa 2020
Manomboka amin'ny 12 ora sy sasany atoandro
eny amin'ny
Espace NY TIANA Lazaina

Fandraisana anjara
50.000 Ar

ILAY VOAHOSOTRAO

Hira Faneva faha-25 taona niarahana niasa:
RAZAFINIARIVO Fidison Maxime, Mpitandrina
sy ny FJKM Tranovato Ambatonakanga
(1995-2020)

Isan'andininy

Andriamanitra ô, misaotra Anao fa dia mijoro
Ilay voahosotrao, taona dimy amby roapolo
Mba hiambina, sy hitandrina
Ny Fiangonanao handroso hatrany izao.

1-Mbola hampamoahina amin'izay atao
Hiasa tokoa, amin'ny fo;
Fanahy noana, ary koa mangetaheta
Fahanana avokoa izy rehetra.

2-Mbola hampamoahina amin'izay atao
Hanoro, hikolo
Fanahy maro ho velon'ny finoana,
Tanteraka ny tokim-panompoana.

Andriamanitra ô, misaotra Anao fa dia mijoro
Ilay voahosotrao, taona dimy amby roapolo
Mba hiambina, sy hitandrina
Ny Fiangonanao handroso hatrany izao.

Famaranana: Dera sy ny laza atolotray Anao!

A/C Jacques Ramanamirija

AMBOARANKIRA PASKA 2020

HIRA – TONONKALO - SORADIHY

Ndeha hiara-mientana hankalaza an'Andriamanitra
Ento ny talentanao ka tongava amin'ny fanomanana izany

Isan'alahady : 3:30 - 5:00 , eto Ambatonakanga

ALAHADY, faha-22 MARTSA 2020
ITONDRANA AM-BAVAKA NY ASA FIFANDRAISANA SY FAMPAHALALAM-BAOVAO (AFIFAB) FJKM
" MIVERENA AMIN'NY TOMPO ANDRIAMANITRAO "

FIDERANA SY FANOMEZAM-BONINAHITRA NY TOMPO *(Sal. 105, 1-7)*

Mpitarika: « Miderà an'i Jehovah, miantsoa ny anarany; ataovy fantatra any amin'ny firenena ny asany. Mihirà ho Azy, mankalazà Azy; saintsaino ny fahagagana rehetra ataony. Ataovy ho reharehanareo ny anarany masina; aoka hifaly ny fon'izay mitady an'i Jehovah. Mitadiava an'i Jehovah sy ny heriny, katsaho mandrakariva ny tavany.»

Besinimaro: « Tsarovy ny asa mahagaga nataony, dia ny fahagagany sy ny fitsaran'ny vavany, ry taranak'i Abrahama mpanompony, dia ianareo olom-boafidiny, taranak'i Jakoba.»

Iarahana: « Jehovah, Izy no Andriamanitsika; manerana ny tany rehetra ny fitsarany. Amena.»

♫ **HIRA**: 36 and. 1, 3
VAVAKA FIDERANA

FANAMBARANA NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA *(1 Jao. 2, 3-5 ; Sal. 119, 1s)*

Mpitarika: Hoy ny Soratra Masina: « Izao no ahafantarantsika fa mahalala an'Andriamanitra isika, dia ny fitandremana ny didiny. Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny. Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, dia tanteraka ao aminy marina tokoa ny fitiavana an'Andriamanitra; izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika.»

Iarahana: «Sambatra ny mahitsy lalana, Izay mandeha araka ny lalàn'i Jehovah. Sambatra izay mitandrina ny teni-vavolombelony ka mitady Azy amin'ny fo rehetra. Amena.»

♫ **HIRA**: 307 and. 5

FIAIKEN-KELOKA SY FIFONANA (vavaka ataon'ny mpitarika)

♫ **HIRA**: HF 33 and. 1

TENY SOA MAHAFALY FAMELAN-KELOKA *(Jao. 5, 24; Lio. 19, 10; Sal. 32, 1s)*

Mpitarika: Hoy Jesoa Kristy Tompo: « Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy. Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very. Voavela ny helokareo noho ny anarany masina, sns... »

Iarahana: «Sambatra ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany. Sambatra ny olona izay tsy isain'i Jehovah heloka, ary tsy misy fitaka ny fanahiny. Amena.»

♫ **HIRA:** 26 and. 2

FANEKEMPINOANA APOSTOLIKA

> Fiatoana kely : Feon-java-maneno / Hiran'ny Mpihira

FOTOANA HO AN'NY ANKIZY SY NY TANORA

FILAZANA NY RAHARAHAM-PIANGONANA

RAKITRA : I *(Fiangonana);* II *(Asa lombonana);* III *(Komity 3)*: ♫ **HIRA** : 432

VAVAKA FANOLORANA

♫ **HIRA**: 176 and. 1

VAVAKA HO AMIN'NY FANAZAVAN'NY FANAHY MASINA

FAMAKINA NY SORATRA MASINA: ***Isa. 31, 4-6; Lio. 15, 11-24; 2 Tim. 2, 22-26***

♫ **HIRA**: 190 and. 2

TORITENY

HIRAN'NY ORIMBATO

VAVAKA FANGATAHANA

♫ **HIRA**: 338

TSODRANO

♫ **HIRA**: 427 and. 1

"Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena."

FINOANA SY ASA

***Diakona tompon'anjara volana* MARTSA: FARITRA FAHAROA**
Filoha: Atoa RAZAFIMAHENINA Jean Marcel

Tompon'ny fotoana Alahady:
22/03: ASA FIFANDRAISANA FJKM
29/03: TOPAZA
05/04: FIANGONANA

Manaty sy manisa ny Rakitra III
22/03: KOMITY SITE-WEB
29/03: V. FANOMPOAMPIVAVAHANA
05/04: Fid. I: SEDKOLY ALAHADY / Fid. II: KATEKOMENA

Anjara voninkazo
22/03 : Rtoa RAKOTO Léa sy Rtoa RAVELOARIJAONA Fanja
29/03: Rtoa RATOVO Iholy Voahirana
05/04: Rtoa FIAFERANA Vololoniaina

AFF – KOMITY ANDIOLAVA

Ho fiatrehana ny fanorenana ny Fiangonana ANDIOLAVA, izay kasaina ho tokanana amin'ny Jolay 2020 ho avy izao, dia anentanana anao ny:

EZAKA FANORENANA ANDIOLAVA an'ny MPANDRAY NY FANASAN'NY TOMPO rehetra. *Anjara biriky isaky ny Mpandray*: 1000 ariary isam-bolana (Janoary-Jolay = 7000 ar) no mba ho farany ambany, fa hanome araka izay fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Tompo isika, satria 40.000.000 ar no heverina hahavita ny trano Fiangonana. Miisa 98 ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo efa nandray anjara amin'izany Adidy Fanorenana izany ka vola 1 326 000 Ar no voaray hatramin'ny 18 Martsa lasa teo. Ankoatran'izany ny fanaka masina sy ny vidin'ny tany. Azonao aloa mitambatra indray mandeha ny anjara atolotrao, na efaina isam-bolana. Havoaka tsy ho ela ny fitaovana ilaina amin'ny fanorenana, ka antenaina fa hisy ny fianakaviana sy ny Fikambanana ary Sampana sy Rantsana handray anjara mavitrika sy am-pitiavana amin'ny fananganana ny Fiangonana ANDIOLAVA.

Efa nanambara ny fandraisana anjara avy aminy ny Loholona sy Diakona ao amin'ny faritra faha-4, ka efa nanome ciment 75 kitapo. Isaorana etoana ny ezaka lehibe nataon'izy ireo. Ny Faritra sasany koa dia efa am-piomanana amin'ny anjara Ezaka tandrify azy, ka isaorana mialoha izy ireo.

"*Araraoty ny andro azo anaovan-tsoa....*"
(Efe. 5, 16)

STK / FANATANJAHANTENA

Fifaliana ho anay STK SPORT no manasa antsika mpikambana sy ny Ray aman-drenin'ireo ankizy, ny mpiara-miasa sy mpanohana, ary ireo Stk sport vétéran, sy ireo maniry hanatevin-daharana izany rantsana izany mba ho tonga ain'ny assemblée générale sy fifampiarahabana nahatratra ny taona 2020, ny Sabotsy 28 Martsa 2020 manomboka amin'ny 10 ora maraina, eny amin'ny Centre des orchidée blanches ANDROHIBE.
Toy izao ny fandaharam-potoana amin'izany:

- 10 ora: Fanompoampivavahana arahina AG
- 12 ora: Fiaraha-misakafo
- 1 ora sy sasany: Lalao ara-panatanjahantena

Manantena ny fahatongavantsika maro!

Ny mpiandraikitra

MPANDINIBOLAN'NY FIANGONANA

Amin'ny ALAHADY, faha-29 MARTSA 2020, amin'ny fivorian'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo, no hifidianana olona telo ho mpadinibolan'ny Fiangonana.

Ny olona azo fidiana dia tsy Diakona sy tsy mpihevidraharaha, fa avy amin'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo.

Koa entanina isika hanolotena ho amin' izany zara-fanompoana masina izany, ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany!